# Rehefa tonga ny folo andro farany, dia namelona ny alina ny irak'Allah, namoha ny fianakaviany, ary nanamafy sy namehy ny sikiny

Tatitra azo avy tamin'i Aicha Renin'ny mpino (R.A) niteny : Rehefa tonga ny folo andro farany, dia namelona ny alina ny irak'Allah, namoha ny fianakaviany, ary nanamafy sy namehy ny sikiny.

[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Rehefa niditra ny folo andro farany amin'ny Ramadany dia nandany ny alina manontolo ny Mpaminany (S.A.W) nanao ireo karazana asa fankatoavana isan-karazany, mamoha ny fianakaviany hivavaka, miezaka mafy kokoa amin'ny fanompoam-pivavahana noho ny fanaony teo aloha, manokan-tena amin'izany, ary tsy mikasika ireo vadiny.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee